

ce 02/07/25
SC PV
✓
CA no 44



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-44

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha 009-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi Organique n°2015-007 du 03 Mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 Mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar»

Fivoriana faha-17
Natao ny
Alatsinainy 30 Jona 2025
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: -Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine
-Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

FOTOANA : Alatsinainy 30 Jona 2025 tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory : 53 ; tsy tonga : 110 ; voalatsiny : 00

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha 009-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi Organique n°2015-007 du 03 Mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 Mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar».

Nitohy ny Alatsinainy 30 Jona 2025 tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine, Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna ny tenany mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-dalàna.

Ramatoa RATSIMANDRIONA Aïda Hardy, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna namaky izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy 30 Jona 2025 tamin'ny 11 ora, atoandro, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Atitany ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha 009-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar ».

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa isany :

- RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle
- RATSIMANDRIONA Aïda Hardy
- RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina

Tonga nivory Andriamatoa PEPIN Michou ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nivory :

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
- RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
- RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana :

Andriamatoa isany,

- RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry
- RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard
- RAKOTOSON Hubert
- TARKA Jean Michel
- MENAVOLO Alban

Andriamatoa TSIEBO Mahaleo Victor Richard no avy amin'ny Antenimierandoholona tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo teknisiana tonga niatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

DINA François	Chef de Service des Etudes et contentieux	Sénat
RAVAVIMANANANDRO Soavita	Chef SP Sénateur TSIEBO	Sénat
Hanitra Elysaberthine		
SOBINSON Liliana	Collaborateur	Sénat
DAMY Vonisoa Nadège	DL PAP	MININTER
FABIOLA Eléonore	DER	MININTER

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Loholon'i Madagasikara ao amin'ny Antenimierandoholona ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa izao Tolo-dalàna izao dia manova ny andininy faha-127 ao amin'ny "Loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar ». Miompana amin'ny vondron'olona hifidy ireo Loholona ny fanovàna na ny « collège électoral » mahakasika izany. Nambarany tamin'izany fa ny fanovàna dia milaza fa ny olom-boafidy rehetra eny amin'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana no mifidy araka ny voalaza ao amin'ny "Dispositions transitoires". Izany dia entina mameno ny fepetra araka ny lalàna entina iatrehana ny fifidianana Senatera izay tokony hotanterahana amin'ny volana Desambra 2025. Ny Lalàna manan-kery mantsy dia mametra izany olona hifidy izany amin'ireo mpanolotsaina Kaominaly sy Monisipaly fotsiny ihany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA AVY AMIN'NY MPIVORY:

- Tokony efa hirosoana amin'izay ny fampiharana io Lalàna Fehizoro laharana faha-2015-007 io fa tsy hionona amin'ny "Dispositions transitoires" fotsiny.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandinihana ny isan'andininy ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nitondran'ny mpivory fanovàna ny famelabelarana ny antonantony sy ny Andininy voalohany.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandanianana isan'andininy ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra:

Famelabelarana ny Antonantony: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy voalohany: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandanianana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny voalaza ao amin'ny andininy faha-55 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha 009-2025/SENAT/PPL « modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar » ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

TOVANA

PROPOSITION DE LOI MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI ORGANIQUE N° 2015-007 DU 03 MARS 2015 MODIFIEE PAR L'ORDONNANCE N°2015-006 DU 28 MAI 2019 FIXANT LES REGLES RELATIVES AU FONCTIONNEMENT DU SENAT, AINSI QU'AUX MODALITES D'ELECTION ET DE DESIGNATION DES SENATEURS DE MADAGASCAR, PRESENTEE PAR MONSIEUR TSIEBO MAHALEO RICHARD VICTOR, SENATEUR DE MADAGASCAR »	VERSION AMENDEE EN COMMISSION
EXPOSE DES MOTIFS Le Sénat, en tant qu'institution de l'Etat, assure la représentation des collectivités territoriales décentralisées et contribue à la fonction législative. La Loi organique n°2015-007 du 3 mars 2015, modifiée par l'ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, encadre son organisation, ses attributions et les modalités d'élection et de désignation de ses membres. La présente proposition de loi organique a pour objet d'introduire une disposition transitoire permettant que les élections sénatoriales puissent être organisées avec les élus des collectivités territoriales légalement établies à la date de convocation du corps électoral	EXPOSE DES MOTIFS Le Sénat, en tant qu'institution de l'Etat, assure la représentation des collectivités territoriales décentralisées et contribue à la fonction législative. La Loi organique n°2015-007 du 3 mars 2015, modifiée par l'ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, encadre son organisation, ses attributions et les modalités d'élection et de désignation de ses membres. En vertu de l'article 45 alinéa 3 de la Constitution, « le Président de la République est le garant, par son arbitrage, du fonctionnement régulier et continu des pouvoirs publics, ... ». La présente proposition de loi organique a pour objet d'introduire une disposition transitoire permettant que les élections sénatoriales puissent être organisées avec les élus des collectivités territoriales décentralisées à l'exercice de la date de la convocation des électeurs afin de garantir le fonctionnement régulier et continu du Sénat, et de faire avancer le processus de la décentralisation à Madagascar.
Article premier. - L'article 127 de la Loi organique n°2015-007, modifiée par l'Ordonnance n°2019-006, est modifiée et complétée ainsi qu'il suit : « Article 127 (nouveau) : Dans l'attente <u>de l'élection de l'ensemble</u> des membres <u>du</u>	Article premier. - L'article 127 de la Loi organique n°2015-007, modifiée par l'Ordonnance n°2019-006, est modifiée et complétée ainsi qu'il suit : « Article 127 (nouveau) : Dans l'attente de la constitution de tout les membres

<u>collège électoral tel que prévu à l'article 80 de la Loi organique n°2015-007 modifiée par l'Ordonnance n°2019-006, sont habilités à constituer le collège électoral, les élus des collectivités territoriales décentralisées légalement élus à la date de convocation du corps électoral pour les élections sénatoriales »</u>	prévus à l'article 80 de la Loi organique n°2015-007 modifiée par l'Ordonnance n°2019-006, le collège électoral est constitué des élus des collectivités territoriales décentralisées à l'exercice de la date de la convocation des électeurs ».
--	---

Rehefa izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra ny mpivory. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha fa ny tatitra no ahitsy.

Samy tsy nanana fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Loholon'i Madagasikara mba hanazava sy hamelabelatra ny Tolo-dalàna natolony.

Fiarahabana ny rehetra no nanombohany ny fandraisam-pitenenana ary fisaorana an'Andriamatoa Filoha ihany koa.

Nambarany fa zava-dehibe eto amin'ny firenena ny tokony hanaovana fifidianana Loholona. Voalazan'ny Andininy faha-80 ao amin'ny Lalàmpanorenana fa 5 taona no fe-potoana iasan'ny Loholona ary fidiana indray izy ireo ao amin'izay. Amin'ny volana Janoary 2026 ho avy izao no fahataperan'ny 5 taona raha ny vofaritry ny lalàna raha nandray ny asany izy ireo tamin'ny taona 2021.

Raha olona vonona hitondra, mila manana finiavana mahay mialoha lalàna na hoe «diriger, c'est anticiper». Izany hoe, tsy mila andrasana antomotra ny fotoana vao taitra ka handray fanapahan-kevitra. Tsy maintsy 90 andro, mialohan'ny «scrutin» na ny andron'ny latsabato no antsoiana ny mpifidy araka ny voalazan'ny lalàna. Efa roa taona lasa no nanomanana ny tokony hidirana amin'ny fifidianana Loholona ary ny Andininy faha-127 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2015-007 dia manazava fa misy ny antsoina hoe «collège électoral». Ambaratonga telo no mamaritra izany dia ny Ben'ny Tanàna sy ny Mpanolotsain'ny TanOna, ny Lehiben'ny Faritra sy ny Mpanolotsain'ny Faritra ary ny Lehiben'ny Faritany sy ny Mpanolotsain'ny Faritany. Ireo no tokony hifidy ny Loholon'i Madagasika. Efa nieritreritra ny tokony handrosoana ny fifidianana ireo ambaratongam-pahefana hifidy Loholona isika ary efa roa taona lasa izay no andiniana izany saingy fikasana ny an'ny olombelona fa Andriamanitra no mandahatra. Tsy tanteraka araka ny tokony ho izy izany noho ny antony samihafa ka izany no nahatonga izao fanomanana 6 volana mialohan'ny fahataperan'ny fotoam-piasan'ny Loholona izao. Izany no antony nanolorana izao Tolo-dalàna izao mba hamaritry ny tokony hirosoana amin'ny fifidianana Loholona. Tsy maintsy mitady vahaolana na «solution de rechange» isika mba tsy hisian'ny antsoina hoe «vide institutionnel» eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Misy ny antsoina hoe «principe d'intangibilité des mandats». Izany hoe, rehefa tapitra ny fe-potoan'ny olom-bofidy, mijanona amin'ny asany izy, ka raha misy fifidianana dia miroso amin'ny fanoloana azy ary raha tsy misy ny fifidianana, mijanona ho banga ny Andrimpanjakana. Izany no nahatonga ny tenanay mano hoe aleo mijery «solution de rechange».

Io Andininy faha-80 ao amin'ny Lalàmpanorenana io no mamaritra an'izany mba tsy hialana amin'ny vala faritan'ny lalàna ny mpanao lalàna. Izany hoe, isika Antenimiera roa tonta amin'izay dia misy ny fifandanjana fanapahan-kevitra, ka rehefa «décret» dia «décret» koa no manova azy ary rehefa lalàna dia lalàna ihany koa no manova azy. Teo antrehan'izay, nanapakevitra ny tenanay hoe aleo asiana Andininy vaovao ao anatin'ity Lalàna Fehizoro ity. Toy izao io Andininy vaovao io raha lazaina fohy : eo ampiandrasana ny fifidianana ireo mpikambana rehetra izay mamaritra ny «collège électoral» araka ny voalazan'ny Andininy faha-80 ao amin'ny Lalàna Fehizoro lahara faha-2015-007 izay nasiana fanovàna tamin'ny alàlan'ny Hitsivolana laharana faha-2015-006 dia afaka mameno ny «collège électoral» ireo olom-boafidy any amin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana any amin'ny Faritra izay voafidy ara-dalàna amin'ny fotoana iantsoana ny mpifidy amin'ny fifidianana Loholona.

Izany no nandraisana ny fanapahan-kevitra hanolotra ity Tolo-dalàna Fehizoro ity, mba tena hisy ny fanajana ny fifandanjana eo amin'ny Andrimpanjakana araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ary mba tsy hampisy «disfonctionnement» koa eo amin'ny fandania ny lalàna sy ny fahabangan'ny Andrimpanjakana. Izay no voalazan'ny Andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana hoe ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no mpikambana ao amin'ny Parlemanta Malagasy.

Izay no antony nanaovana izao Tolo-dalàna Fehizoro izao, koa nangataka ny hankatoavan'ny Solombavambahoaka ny Tolo-dalàna ny tenanay raha sitrakareo.

Nofaranany tamin'ny fisaorana ny fandraisany fitenenana.

Rehefa izany, nomena fitenenana, ny solotenan'ny Governemanta.

Fialan-tsiny avy tamin-dRamatoa RAHAJAVOLOLONIAINA Nirintsoa Harinandrasana, Minisitry ny Atitany, noho ny tsy fahafahany manatrika izao fivoriambe izao no nataon-dRamatoa DAMY Vonisoa Nadège, satria lasa namita iraka any amin'ny Faritra ny tenany.

Nomarihany koa tsy fa misakana ny hirosoana amin'ny fandania ny Tolo-dalàna Fehizoro ny tsy fanatrehan'ny Minisitry izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra amin'ny ankapobeny mikasika ny Tolo-dalàna ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga, nanamarika ny tenany, fa tsy ampy ny «exposé des motifs» amin'ity Tolo-dalàna ity ka mila fenoina mba tsy hampivaona ny zavatra tokony hatao. Nambarany koa fa tsy voalaza ao amin'ny tovana ny teny nolazain'ny mpanolotra Tolo-dalàna tamin'ny famelabelarana ny antonantony. Betsaka ny zavatra tokony hodinihana ary atao mifanaraka ny voalazan'ny mpanolotra Tolo-dalàna tamin'ny famelabelarana am-bava nataony teo izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, kosa nanambara fa tanjona dia hitsinjovana ny vahoaka Malagasy. Ho antsika Parlemantera, na aiza na aiza ny Distrika nahalany antsika tsirairay avy, tokony ho afaka manome valim-pitia ho an'ny vahoaka nifidy antsika isika. Manara-dalàna ve isika lanim-bahoaka ireo sa tsia. Tsy mandà na mandany ity Tolo-dalàna ity ny aho hoy izy, fa raha manara-dalàna isika, tokony hiroso amin'ny fifidianana izay ho mpanolotsainan'ny Faritra. Mbola manana enim-bolana azo anatanterahana izany isika.

Raha izay atao izay vao tena manara-dalàna isika. Inona no antony tsy irosoana amin'ny «élection régionale» izay vao miroso amin'ny «élection sénatoriale».

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, nambarany fa mitovy hevitra amin'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson ny tenany. Izany hoe, fampandrosoana ny vahoaka no tanjona.

Fototry ny fampandrosoana ny fitsinjaram-pahefana ary ny Solombavambahoaka sy ny Loholona dia mpanao lalàna. Sakana amin'ny tena fitsinjaram-pahefana ny tsy firosoana amin'ny fifidianana izay ho Lehiben'ny Faritra sy ny Mpanolotsaim-paritra. Ny Vahoaka no nametraka ny Lalàmpanorenana satria fifidianana sy fitsapan-kevibahoaka no nahatonga izany. Raha tamin'ny taona 2019, mitovy amin'izao ny adihevitra natao satria maro ny antony araka ny efa fantatsika. Nanana 5 taona niomanana tokony ho nanaovana fifidianana isika. Mametraka fanontaniana ny tenany ; tsy manana finjavana hiroso amin'ny fifidianana Lehiben'ny Faritra sy Mpanolotsaim-paritra ve isika tao anatin'izay 5 taona izay sa efa «strategie politique» mihitsy no natao mba ahafahana mifehy ny tena atao hoe fitsinjaram-pahefana.

Antso no nataony amin'ny hanararaotana izao enim-bolana sisa izao mba ahafahana miroso amin'ny fanajana ny Lalàmpanorenana. Ny antony, mariky ny tsy fanajana Lalàmpanorenana ny tsy fahavitan'ny fifidianana Lehiben'ny Faritra sy Mpanolotsaim-paritra. Fotoana tokony mbola hahavitana fifidianana izany koa maninona no tsy atao. Tsy mitsipaka ny hirosoana amin'ny fifidianana ity Tolo-dalàna ity ny tenanay, saingy mbola betsaka ny fifidianana Ben'ny Tanàna tokony haverina. Tokony izay aloha no hotanterahina avy eo vao miroso amin'ny fifidianana Lehiben'ny Faritra sy Mpanolotsaim-paritra isika. Amin'izay fotoana izay, feno ny isan'ny «collège électoral» araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana sy ity Lalàna Fehizoro 2015-007 ity.

Nambaran-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina fa faly ny tenany raha nandray fitenenana satria Parlemanta no manolotra izao Tolo-dalàna izao. Amin'ity indray mitoraka ity, tsy hoe tsy fitiavana sanatria, fa mba te-hanana Loholona tena voafidy ara-dalàna isika. Maro ny olana nisy tamin'ny fifidianana natao farany teo, niteraka «polémique» ny tsy fahampian'ny mpifidy lehibe na «grands électeurs» sy ny «collège électoral» 5 taona lasa izay. Dimy taona atỳ aoriana, mbola tsy vonona hiroso amin'ny fifidianana ihany isika. Tsy manana «volonté politique» mihitsy ve ny mpitondra amin'ny fifidianana ireo «grands électeurs» ireo. Ny antony ilàna ny «grands électeur» anie dia izy no hitantana ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana. Voazala ao anaty Lalàmpanorenana fa «le Sénat représente les Collectivités Territoriales Décentralisées». Izany hoe, ianareo Loholona no tokony hosarotiny voalohany, ka hitaky hoe : andao hiroso amin'ny fifidianana Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana isika dia ny : «communale, municipale, régionale et provinciale». Ny olana voafidy amin'ireo no antsoina hoe «grands électeurs» ao anatin'ny «collège électoral». Miverina indray izany ny olana nisy teto amintsika 5 taona lasa izay. Lasa hidina ny «valeur»-n'ny Loholona ho lany eo. Tsy manambany na manambony izahay, fa ny mampiavaka ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona, ny mpikambana ato amin'ny Antenimierampirenena dia olana voafidy daholo. Ny ao amin'ny Antenimierandoholona kosa misy ampahany tendren'ny Filohampirenena ary misy ampahany fidiana. Noho izany, ny Loholona nofidiana no tokony ho saropiaro hoe andao mba hatao ara-dalàna ny fifidianana eto amintsika.

Te-hameno ny banga no tianareo hatongavana amin'ny tsy fisian'ny mpifidy lehibe. Miombon-kevitra amin'ny voalazan'ny namana teo aloha ny tenanay hoe tokony hatrehina aloha ny fifidianana Ben'ny Tanàna izay mila averina mba tsy ho very zo ny vahoaka. Aorian'izay, afaka miroso amin'ny fifidianana «régionale et provinciale» indray. Tsy isika no namorona hoe asiana fifidianana «régionale, provinciale et communale», fa ny Lalàmpanorenana izay hajaintsika no milaza izany. Ny lalàna misy, tsy lalàna tsotra fa «loi organique». Amin'ny maha «loi organique» azy izay, tokony hajaintsika Parlemantera izay lalàna izay satria aorian'ny Lalàmpanorenana, anisany lalàna ambony indrindra koa ny «loi organique». Tokony hajaina ny lalàna, tsy tokony hatao tefi-manta ny lalàna, fa mila dinihana tsara; mila firaisan-tsaina iarahan'ny rehetra mandinika.

Ny isan'ny Solombavambahoaka tonga mivory izao, tsy mahatratra ny fehitrisa ahafahana mandany ny Tolo-dalàna Fehizoro akory satria mitaky «majorité absolue» ny fandanianana azy. Mahatratra 82 isa ny «majorité absolue». Isika tonga mivory anefa tsy ampy 82 akory. Mitaky Solombavambahoaka 82 isa no mandany azy ity vao ara-dalàna. Raha ny fiantsoana anarana natao teo, eo amin'ny 52 eo no isan'ny mpivory. Sao tokony tsy hirosoana ny fandanianana ity Tolo-dalàna Fehizoro ity, fa andao aloha hifampidinika isika amin'ny tokony hanatsarana azy kokoa, amin'izay mba ho «bien élu» fa tsy «mal élu» ny Loholona ho lany eo.

Efa hifarana ity ny fotoam-pivoriana, vitsy ny Solombavambahoaka tonga mivory, lasa kitoatoa ny lalàna laniana rehefa vitsy ny Solombavambahoaka mandany azy. Tsy voaavaka intsony ny Solombavambahoaka voatsikera any amin'ny tambazotran-tserasera any, lasa iray gony, lazaiana fa tsy mba namaky ny lalàna holanina akory. Ny LFI aza tsy novakianareo, mitabataba amin'izay ny Vahoaka satria miakatra ny TVA. Mba tsy hisian'ny tranga tahaka izany, tokony hiezaka isika, mba amin'ny fotoana mahamety azy no mandany lalàna isika satria efa 6 volana alohan'ny «Sénatorial» vao mikoropaka hanao fifidianana; tsy mety izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa IMBIKI Herilaza, nambarany fa raha ny «ordre juridique» no resahana mikasika ny Lalàmpanorenana sy ny fampiharana azy, ny lalàna sy ny fampiharana azy dia miankina amin'ny zavatra iainan'ny firenena. Tsy midika fa hatao «extension intensive ou abusive» mba tsy hanovàna matetika ny lalàna fototra. Eo anatrehan'izay, misy fomba azo ampiharana ny «dispositions constitutionnelles et dispositions législatives» izany.

Nambarany koa fa efa Loholona ny tenany ary rehefa nipetraka ny lalàna tamin'ny taona 2015 mikasika ny Loholona, nisy ny «Ordonnance» tamin'ny taona 2019 izay nanova «dispositions» vitsivitsy tao anatin'io «Loi Organique» io, satria sarotra ny fampiharana izany lalàna tao amin'ny Antenimierandoholona.

Amin'ny maha Solombavambahoaka, tena miaro ny hisian'ny «décentralisation effective» izahay. Raha jerena any amin'ny Distrikan'i Sainte Marie, anisany mila izany fitsinjaram-pahefana tena izy izany izahay. Nahoana isika Solombavambahoaka no tsy nanolotra «Proposition de Loi» raha ohatra ka nahita fa misy zavatra tokony hovaina na hatsaraina ao anatin'ny Lalàna Fototra mikasika ny Antenimierandoholona. Inona no mahatonga ny hoe : rehefa misy olona mitondra «Proposition de Loi» dia misy hatrany ny tsikera atao. Nofaritan'ny Lalàmpanorenana anefa fa natao hanolotra Tolo-dalàna isika.

Mikasika ny « ordre pratique » kosa, mba tsy hisian'ny « vide Institutionnel » dia afaka mitondra vahaolana amin'izao vanin'andro iainanana alohan'ny fifidianana Loholona ho avy izao. Tsy hotratratsika raha sady hanomana ny fifidianana Lehiben'ny Faritra sy ny Mpanolotsaim-paritra isika. Aza hadinoina fa alohan'ny hanaovana izany fifidianana izany, tsy maintsy misy lalàna maro apetraka mikasika ny Faritra sy ny Faritany, sy ny « décret d'application » mifanaraka amin'izany. Tsy ho tratra ao anatin'ny enim-bolana izany. Tsy misy fifangaroam-pahefana satria ny « fonction juridictionnelle qui est consacrée dans la Constitution ». Amin'ny alàlan'ny « Tribunal Administratif » sy « Conseil d'Etat » no afaka manapaka ny hamerenana na tsia ny fifidianana Ben'ny Tanàna. Ny dikan'izay, tsy afaka mamaritra mialoha na ny Antenimierampirenena na ny Antenimierandoholona hoe hisy fifidianana haverina ary ahoana no fomba hanatanterahana ny famerenana azy. Ho tapitra amin'ny Janoary 2026 ny fe-potoana fiasan'ny Loholona, ka havela hisy « vide institutionnel » ve. Sao mba tokony ho « débat au fond » no handinihana an'izany. Marina fa « Loi Organique » izy ity ary ny Andininy faha-89 ao amin'ny Lalàmpanorenana no mamaritra an'izany. Ampy ny fepetra notakian'ny Lalàmpanorenana raha ny fotoana nampidirana azy teto amintsika no jerena ary tsy ny isan'ny Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao no isaina, fa voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hoe : afaka manome alàlana Solombavambahoaka hafa hifidy amin'ny anarany ny Solombavambahoaka iray. Tsy fantatra ihany koa ny zavatra mety hitranga hoe ny isan'ny Solombavambahoaka tonga eto ve no mitondra azy sa ny isan'ny Solombavambahoaka izay « représenté ».

Rehefa izany, nangataka ny hirosoana amin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna Fehizoro ny tenany.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina. Nambarany fa tokony hampidirina ao anaty volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'izao « session ordinaire » izao ny Tolo-dalàna natolony.

Nangatahany koa ny hanemorana amin'ny andro manaraka ny fandinihana sy fndraisana fanapahan-kevitra momba ity Tolo-dalàna Fehizoro ity mba tsy hisian'ny fifanomezan-tsiny. Notsindriany fa mbola maro ny fanamarihana tokony hatao mikasika ity Tolo-dalàna Fehizoro ity, ka amin'ny Alarobia ho avy izao no nangatahany hanemorana ny fandinihana azy.

Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa mila fandanjalanjana ny fanaovana Lalàna. Marina ny voalazan'ny namana teo hoe mbola nisy fanamarihana natao tamin'ny asam-baomiera ary tsy tafiditra tato anatin'ny « exposé des motifs » izany. Misy koa ny « impact politique » ka mila fandinihana kely. Noho izany, mangataka ny hiatoana na « suspension de séance » 15 minitra ny tenanay, mba handaminana tsara mikasika ity Tolo-dalàna Fehizoro ity.

Rana nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, anambarany fa rehefa misy fivoriambe atao ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena, tsy maintsy tsangan-tànana no anapahana ny dinika. Misy Solombavambahoaka maro an'isa ato, misy ihany koa ny mpanohitra, ka izay no tokony hirosoana.

Raha ny Lalàna no jerena, manambara izany fa tsy afaka mandany an'ity Tolo-dalàna Fehizoro ity isika satria tsy ampy ny fetr'isa ahafahana manao izany. Vonona hiasa izahay matoa tonga eto, koa mangataka ny tsy hampiasa «vote par procuration» ho an'ny olona tsy eto an-toerana amin'izay manara-dalàna ny fifidianana hatao.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, kosa nanambara fa manana zo tanteraka ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera hangataka fampiatoana ny fivoriambe. Koa aleo hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba izany isika, Andriamatoa Filoha, raha azo atao.

Taorian'izay, nanambara, Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra naroson'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRMAR ny mpivory. Raha mety, hHatao 15 minitra ny fotoana fiataona nangatahana teo, kanefa izay tapaky ny maro an'isa ihany no ampiharina araka ny lalàna mifehy ny Antenimierampirenena.

Nomarihany fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana ; Solombavambahoaka miisa 45 no nanaiky ; Solombavambahoaka miisa 3 no nitsipaka, tsy nisy ny tsy nilaza ny heviny -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fampiatoana ny fivoriambe mandrindra ny 15 minitra.

Niato tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 6 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana.

Rehefa avy namerina ny fiarahabana ny mpivory tafaverina ato anaty efitrano fivoriana indray, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa mitohy ny fivoriana.

Taorian'izay, nanao satroka, Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry ary nanamarika fa 15 minitra no fiatoana nangatahana kanefa 47 minitra no fotoana niatoana. Tsy mety ny tahaka izany fa tokny hitazona ny teny natao ny rehetra.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, nambarany fa afapo tamin'ny fampiatoana fivoriana ny tenany ary nangataka ny hanohizana ny fivoriana. Afaka mivoaka ny efitrano fivoriana kosa ny Solombavambahoaka izay tsy haharitra hatramin'ny farany ny fivoriana.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga kosa nanambara fa azo atao tsara ny manao «délégation de vote» araka ny voalazan'ny Andininy faha-91 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena na marina aza ny hoe : «le vote d'un Député est personnel». Nomarihany koa fa tamin'ny fivoriambe «séance des questions et réponses du Gouvernement», tsy fifidianana no natao ka izay no tsy nampety ny «procuration» nomen'Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry an-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina tamin'izay fotoana izay.

Androany, fifidianana no hatao ka ara-dalàna ny fampiasana «procuration» avy tamin'ny Solombavambahoaka tsy afaka maantrika izao fivoriana izao.

Nangataka ny hanohizana ny dinika mikasika ny Tolo-dalàna ny tenany, taorian'izay.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina kosa nanambra fa tsy tokony hifamitapitaka ny Solombavambahoaka. Nomarihany fa hatramin'izay ny tato amin'ny Antenimierampirenena, tsy mbola nanao «délégation de vote» izany raha «vote personnel» mikasika lalàna no natao. «Vote secret» kosa nanaovana izany raha olona no fidiana ary tsangan-tànana daholo no nandaniana lalàna tato hatramin'izay.

Raha hanao an'izany isika Solombavambahoaka manomboka androany, lasa hisy «juris prudence», ka rehefa misy lalàna holaniana dia hanao «délégation de vote» foana isika. Raha hampiharina manomboka androany izany, na Solombavambahoaka iray aza no tonga mivory dia afaka manao «délégation de vote» iminy daholo ny Solombavambahoaka tsy tonga mivory. Mila matotra isika fa Antenimierampirenena ity sady Andrimpanjakana. Aza ampidirina amin'ny tsy fanarahan-dalàna izahay Solombavambahoaka miezaka manara-dalàna raha azonareo atao.

Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry indray nanambara fa fanintelony izao no lany Solombavambahoaka azy. Iza zavatra hatao androany izao dia mbola tsy nisy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara hatram'izay. Tsy maintsy ho lany izy ity saingy ny zava-dehibe amintsika Solombavambahoaka dia ny fanajana ny lalàna. Eo anatrehan'izay, tokony ho modely amin'ny fankatoavana ny lalàna misy eto Madagasikara isika. Maro an'isa ianareo, fa ny olona amin'izao zavatra androany izao, maro ny Solombavambahoaka tsy tonga manatrika fivoriana. Raha hevitra, hoy izy, aleo afindra amin'ny fotoana manaraka ny fandanianana ity Tolo-dalàna ity stria azo atao ny mampiantso Solombavambahoaka amin'izay andro izay. Raha adika amin'ny teny hafa, tsy manaraka Lalàmpanorenana ny zavatra atao androany. Ny fomba fanao hatramin'izay rehefa mifidy olona isika, afaka manao «procuration de vote» ny Solombavambahoaka tsy tonga mivory, fa rehefa mandany lalàna kosa dia tsy afaka manao an'izany. Hatramin'izay, namanaiky na mandà na tsy milaza ny heviny, izany no fanao rehefa mandany lalàna. Raha ny fijerinay azy, tsy maintsy andraisana fanapahan-kevitra androany ihany izy ity ary tsy maintsy lanina koa satria amro an'isa ianareo.

Nangataka ny tenany mba tsy hanome modely ratsy ny ato amin'ny Antenimierampirenena amin'izao fandikan-dalàna misy izao. Raha azo atao, aleo afindra amin'ny manaraka rehefa mahafeno ny fetr'isa ilaina ny Solombavambahoaka vao fidiana araka ny voalazan'ny lalàna. Azo ampiana iray taona ny fe-potoam-piasan'ny Loholona raha izay no mety aminareo, atao mitovy amin'ny an'ny Ben'ny Tanàna teo aloha. Vitao aloha ny fifidiana rehetra mbola tsy vita vao miditra amin'ny fifidianana Loholona indray.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, nambarany fa tsy mitombina ny adihevitra ilazana hoe manitsakitsaka Lalàmpanorenana ny zavatra atao izao.

Tsy midika izany fa tsy azo atao ny fifidianana izay mbola tsy vita na tokony haverina raha mandany an'ity Tolo-dalàna Fehizoro ity isika androany. Afaka miroso amin'ny fifidianam-paritra isika amin'ny fotoana tokony hanaovana izany.

Mangataka izahay, Andriamatoa Filoha, aleo aroso ny fandraisana fanapahan-kevitra mba hahitana ny hevitra ny besinimaro.

Talohan'ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna, niangavy ny Mpitantsoatra, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny Andininy faha-91 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena mba hampazava na azo atao na tsia ny hirosoana amin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna sy ny hankatoavana na tsia ny «délégation de vote».

Rehefa izany, niroso tamin'ny famakiana ny Andininy faha-91-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine, ka toy izao no fivakin'izany : Azy manokana ny latsabato ataon'ny Solombavambahoaka.

Na izany aza, ny zony handatsa-batao amin'ny fifidianana ampahibemaso dia azon'izy ireo ampanaovina olo-kafa araka ny fepetra faritan'ny hitsivolana laharana faha-2014-001 tamin'ny 18Aprily 2014 anaovana ny Lalàna Fehizoro mandraikitra ny Fitsipika mikasika ny fampandehanana ny Antenimierampirenena.

Ny fanomezana fahefana handatsa-bato dia azy manoka foana, natao amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka iray notondroina nanarana ihany. Ampahafantarina ny Filoha izany alohan'ny fisokafan'ny latsabato na ny latsabato voalohany izay ampiharana azy.

Rehefa izany, nanamafy Andriamatoa Filoha, fa azo atao tsara ny manao «délégation de vote» amin'ny fifidianana tahaka izao.

Handraisana fanapahan-kevitra koa ny hirosoana na tsia amin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna Fehizoro.

Nomarihany fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 43 no nanaiky, Solombavambahoaka 2 no nitsipaka ; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Taorian'izay, nanambara, Andriamatoa Filoha, fa nankatoavin'ny Solombavambahoaka, ny hirosoana amin'ny fifidianana, ny hampandanianana ny Tolo-dalàna.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Filoha, amin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna Fehizoro toy izao dia ny andalana faha-2 ao amin'ny Andininy faha-89-n'ny amin'ny Lalàmpanorenana no ampiharina. Toy izao no voalazan'izany : Tsy maintsy ny antsasamanilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimiera tsirairay no mandany ny Lalàna fehizoro.

Nomarihany koa fa ny avy ao amin'ny Vondrona Parlemantera IRMAR no nahatonga «délégation de vote» maromaro eto amin'ny Mpitarika fivoriana.

Rehefa izany, niangavy ny Mpitantsoatra, Andriamatoa Filoha, mba hanonona ny lisitra rehetra nanao izany alohan'ny hirosoana amin'ny fifidianana.

Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine, no namaky izany, ka niisa 42 ny Solombavambahoaka nanome fahazoan-dàlana hifidy amin'ny anarany.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès, nambarany fa manara-dalàna ny avy amin'ny vondron'ny maro an'isa amin'izao fifidianana hatao izao.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny mpivory. Nampahatsiahiviny ny voalazan'ny Andininy faha-95 teboka faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena fa «majorité qualifiée» no tadiavina amin'ny «scrutin public» tahaka izao. Izany no ampiharina amin'ny fifidianana izao Tolo-dalàna izao ary hisy «bulletin de vote» hampiasaina amin'ny fifidianana. Fanampin'izay, eto anoloana koa ny vata fandatsaham-bato hampiasaina amin'izany.

Nanao satroka, Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina ary nandroso sosokevitra hoe rehefa handatsa-bato, tokony ho indray mandeha ihany ny Solombavambahoaka no mandroso eny anoloana, sady mifidy amin'ny anaran'ny tenany izy no mifidy amin'ny anaran'ny «délégation de vote» nomena azy.

Nankatoavina izany fangatahana nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita ny fandatsaham-bato, niangavy Solombavambahoaka misa telo, Andriamatoa Filoha, mba hanao ny fanisam-bato.

Ireto avy ny anaran'ireo Solombavambahoaka ireo, Andriamatoa isany : ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol ary RANDRIAMALALA Thony.

Toy izao ny vokatry ny latsabato,

- Vato manan-kery : 94

- Vato maty : 01

- Vato fotsy : 00

Solombavambahoaka nanao ENY : 91.

Solombavambahoaka nanao TSIA : 02

Solombavambahoaka nitsipaka : 01

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-009-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi Organique n°2015-007 du 03 Mars 2015 modifiée par l'Ordonnance n°2015-006 du 28 Mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar».

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa TSIEBO Mahaleo Richard Victor.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataony tamin'ny fankatoavana ny Tolo-dalàna Fehizoro natolony. Nambarany koa fa daty manatantara eto Madagasikara ny daty androany satria nanaporofa ny Antenimiera roa tonta fa tia tanindrazana tokoa manoloana ny raharaham-pirenena.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny fitenenana.

Rehefa izany, namerina fankasitrahana tamin'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna Fehizoro, Andriamatoa Filoha.

Nisaotra manokana ny Filohan'ny Antenimierandoholona koa ny tenany, noho ny fanotronany izao fivoriambe izao.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiditra avy hatrany amin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory ka nomeny alàlana hamonjy ny adidy hafa miandry azy ny solotenan'ny Governemanta sy ny Antenimierandoholona.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory dia ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana nasim-panitsiana vokatry ny Diniky ny Filoha natao ny Alatsinainy 30 Jona 2025, tamin'ny 11 ora, atoandro.

Nomarihan'Andriamatoa Filoha, tamin'izany fa misy Volavolan-dalàna miisa 4 tonga avy tany amin'ny Minisiteran'ny Toekareana sy ny Fitantanam-bola, ka izay no antony anaovana izao fanitsiana izao.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoatra mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents» ny tenany, mbola Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine ihany namaky izany, ka toy izao ny fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALATSINAINY FAHA-30 JONA 2025

Nivory ny AlaTsinainy faha-30 Jona 2025 nanomboka tamin'ny 11 ora, atoandro, ny « Conférence des Présidents ».

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alatsinainy faha-30 Jona 2025 tamin'ny 11 ora, atoandro.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny ady hevitra ny mpivory.

Nolanian'ny « Conférence des Présidents » avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-30 Jona ka hatramin'ny Zoma Jolay 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alatsinainy faha-30 Jona 2025 amin'ny 4 ora tola'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Vakiana ny tovana)

ORDRE DU JOUR (RAJOUTE)
Pour la période du Lundi 30 juin 2025 au Vendredi 04 juillet 2025

LUNDI 30 JUIN 2025

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle BP)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

Commission de l'Intérieur - (Saisie au fond)

Commission Économie et Finances - (Saisie pour avis)

-Proposition de loi n°009/2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi organique n° 2015-007 du 03 mars 2015 modifiée par l'ordonnance n° 2015-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar.

10H 00 : Réunion des Membres du Bireau Permanent

11H 00 : Conférence des Présidents

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

-Proposition de loi n°009/2025/SENAT/PPL modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi organique n° 2015-007 du 03 mars 2015 modifiée par l'ordonnance n° 2015-006 du 28 mai 2019 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat, ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, présentée par Monsieur TSIEBO Mahaleo Richard Victor, Sénateur de Madagascar.

16H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

Adoption de l'Ordre du Jour

LUNDI 30 JUIN 2025

16H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle BP)

Commission Économie et Finances - (Saisie au fond)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

Commission des Travaux Publics - (Saisie pour avis)

-Projet de loi n°005/2025 du 18 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce – Phase III (PACFC III), conclu le 16 mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD).

17H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle des séances)

Commission Économie et Finances - (Saisie au fond)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

-Projet de loi n°007/2025 du 25 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de l'apprentissage à Madagascar conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

17H 30 : TRAVAUX DES COMMISSIONS -

Commission Économie et Finances - (Saisie au fond)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

-Projet de loi n°008/2025 du 25 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de l'Appui Budgétaire à une croissance Equitable et Résiliente (MERG2) conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

18H 00 : Commission Économie et Finances (Salle des séances)

Présentation du Compte d'Administration des crédits de l'exercice 2024 par le Premier Questeur chargé du Budget, de l'Administration et du Personnel

MARDI 01 JUILLET 2025 et MERCREDI 02 JUILLET 2025

A partir de 08H 30 : Atelier technique avec les Commissions parlementaires organisé avec l'UNICEF (Salle BP)

MARDI 01 JUILLET 2025

A partir de 16H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS (Salle BP)

Commission de la Santé Publique et du Planning Familial (Saisie au fond)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

Commission de la Population et de la Solidarité (Saisie pour avis)

-Proposition de Loi n°004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon».

MERCREDI 02 JUILLET 2025

A partir de 16H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS (Salle des séances)

Commission Économie et Finances - (Saisie au fond)

Commission Juridique - (Saisie au fond)

-Projet de Loi n°006/2025 du 25 juin 2025 régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macro prudentielles (MEF)

A partir de 17H 00 : **SEANCE PLENIERE** - (Salle des séances)

-Proposition de n°004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon».

JEUDI 03 JUILLET 2025

10H 00 : **SEANCE PLENIERE**- (Salle des séances)

Mise en œuvre de la stratégie de lutte contre la corruption 2025 - 2030 organisée en collaboration avec le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI) et les autres organismes anti-corruption.

A partir de 15H 00 : **Eventuellement deuxième lecture des textes en provenance du Sénat**

A partir de 16H 00 : : **SEANCE PLENIERE**- (Salle des séances)

-Projet de loi n°005/2025 du 18 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce – Phase III (PACFC III), conclu le 16 mai 2025 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD).

-Projet de loi n°007/2025 du 25 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de l'apprentissage à Madagascar conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

-Projet de loi n°008/2025 du 25 juin 2025 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de l'opération de l'Appui Budgétaire à une croissance Equitable et Résiliente (MERG2) conclu entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

-Projet de Loi n°006/2025 du 25 juin 2025 régissant le maintien de la stabilité financière et instituant les autorités macro prudentielles (MEF)

VENDREDI 04 JUILLET 2025

11H 00 : **SEANCE PLENIERE**- (Salle des séances)

CEREMONIE DE CLOTURE DE LA PREMIERE SESSION ORDINAIRE 2025 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
01	TOKELY Justin	Président
02	RAHAROARILALA Tinoka Roberto	Vice-Président
03	RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry	Vice-Président
04	RIVOTIANA Richard Jean Bosco	Premier Questeur
05	MILAVONJY Andriasy Philobert	Rapporteur Général
06	RAHOLIJAONA Harson	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission de la Défense Nationale	IMBIKY Herilaza	IRMAR
02	Commission Juridique	RABY SAVATSARA Ain'Harimanga Gabrielle	IRMAR
03	Commission Economie et Finances	RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard	IRMAR
04	Commission de la Sécurité Publique	NAKANY Charly Zafimagnely	INDEPENDANT
05	Commission de l'Agriculture et de l'Elevage	RAZAFINDRABARY Richard	IRMAR
06	Commission de l'Energie et des Hydrocarbures et de l'Electrification	ROCHELIN Houssen	INDEPENDANT
07	Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire	RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry	IRMAR
08	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny	IRMAR

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
01	IRMAR	RESAMPA André
02	GPRI	ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
03	UPAR	RAKOTOSON Hubert
04	FIRAIKANKINA	RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina

Représentants du Gouvernement

- RAKOTONDRAOAVA Fetra, SG MCC
- RAJAONESA David, Directeur des Etudes, Primature

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amain'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta rehefa nomena fitenenana.

Tsy nisy nandray fitenenana koa, taorian'izay na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 aô amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; iray no nitsipaka ; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena nasiam-panitsiana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha dia ny hisian'ny asam-baomiera mikasika ireto volavolan-dalàna manaraka ireto, ny laharana faha-005/2025, ny laharana faha-007/2025 ary ny laharana faha-008/2025 aorian'izao fivoriambe izao.

Niato tamin'ny 8 ora sy 5 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



TOKELY Justin